Liberté • Égalité • Fraternité
RÉPUBLIQUE FRANÇAISE

MASOIVOHO FRANTSAY ETO MADAGASIKARA

ALAROBIA 15 JANOARY 2020

FIHAONANA AN-TAMPONY AFRIKA-FRANTSA 2020

Nisafidy hanao ity valan-dresaka momba ny Fihaona an-tampony Afrika-Frantsa izay ho tanterahina tsy ho ela ny tenako mba afahanareo mpanao gazety mampita ny maha zava-dehibe izany fihaonana izany ho an'i Madagasikara manokana . Hankalaza ny faha 60 taonan'ny fahaleovan-tenany amin'ny 26 jona ho avy izao I Madagasikara, ary ny faniriana dia ho taonan'ny fisandratana ho azy ny taona 2020. Noho izany afaka manampy azy hatratra izany tanjona izany io Fihaonana an-tampony ho avy io.

Nihaona tany Paris ny filoham-pirenentsika roa tonta tamin'ny volana Mey nandritra ny fitsidihan'ny Filoha Rajoelina tany Frantsa, ary nihaona fanindroany izy ireo tamin'ny volana oktobra tany Lyon. Zava-dehibe ihany koa, ny fahatongavan'ny delegasionina ana orinasa notarihan'ny Medef International namaky lay tamin'ny volana oktobra, raha tsy nisy izany nandritra ny 14 taona mahery.

Hisy vahiny hafa ho tonga amin'ny volana manaraka.

Izany rehetra izany dia maneho ny fifamatoran'i Frantsa amin'I Madagasikara, sy ny finiavana handalina ny andry iankinan'ny fiaraha-miasantsika amin'ny lafiny samihafa

Fihaonana an-tampony Afrika-Frantsa mifantoka amin'ny fiaraha-miasa ara-toekarena sy amin'ny Tanàn-dehibe –Maharitra .

Ny tanjon'ity fihaonana aminareo mpanao gazety ity dia ny hamaritra ny soritry ny Fihaonana an-tampony Afrika-Frantsa izay hotontosaina ny 4 ka hatramin'ny 6 jona any Bordeaux, izay hanamarika, ao anatin'ny fitohizan'ny lahateny nataon'ny filoha Emmanuel Macron tany Ouagadougou , dingana vaovao eo amin'ny fifandraisan'i Frantsa amin'ireo mpiara-miasa aminy ao amin'ny kaontinanta afrikanina.

Anisan'ny horesahina mandritran'io Fihaonana an-tampony Afrika-Frantsa 2020 io ny Tanàn-dehibe Maharitra; lohahevitra izay mitondra valina an' ireo fanamby an-tanan- dehibe any Frantsa sy any Afrika izay manana lanja indostrialy goavana : fotodrafitrasa, filàn'ny vahoaka, serivisy tena ilaina ary asa sosialy, asa, fanabeazana; izay manome tombontsoa marobe ho an'ny orinasa afrikanina sy frantsay.

Voarafitra manodidina singa telo fototra ity Fihaonana an-tampony ity :

1. **Ny Fihaonana an-tampony ofisialy**

Filoham-pirenena sy lehiben'ny governemanta 54 no nasaina. Lanonana ofisialy no hisantarana ny fihaonana an-tampony. Hirotsaka an-tsehatra ireo mpikambana ny governemanta voakasika izany sy ireo mpisehatra mivantana amin'ny zava-misy, manana fifandraisana amin'ny lohahevitry ny tanàn-dehibe maharitra toa ny vondrom-bahoaka momba ny tany, ny mpikambana ao amin'ny fiarahamonim-pirenena, ny orinasa, ny ONG, sns.

2. Ny Renitanànan'ny Vahaolana (Cité des Solutions)

Hisy avy eo ny fanokafana ny Renitanànan'ny Vahaolana ho an'ny Tanàn-dehibe sy ny Tany Maharitra , izay fampirantiana matihanina tokoa satria manana velarana 50 000 m^2 voarindra amin'ny endrika faritra 7 samy manana lohahevitra : fahazoana misitrika ny serivisy tena ilaina, mamelona tanàna; manajary ny tanàna; mandehandeha eran'ny tanàna / mitsidika ny tanàna; miaina an-tanàn-dehibe; mampifandray ny tanàna ; mampirafitra tetikasa ;

Mpitsidika 25 000 sy mpampiranty frantsay sy afrikanina miisa 500 no andrasana : orinasa nefa koa ONG, sy fiarahamonim-pirenena, mpamatsy vola ary ankohomam-be ara-bola.

3. Hetsika ara-panatanjahantena sy ara-kolontsaina

Hetsika ara-panatanjahantena manana lenta iraisam-pirenena sy fampisehoana rindran-kira afrikanina sy frantsay no hanamarika ny fihaonana ny 5 sy 6 jona amin'ny hariva.

<u>Fanohanana ny start-up afrikanina sy Malagasy amin'ny alàlan'ny Fanambin'ny mpandraharaha miisa 1000.</u>

Ho an'ireo mpandraharaha tsy ampy enti-manana ara-bola, mampanantena i Frantsa fa handray an-tanana ny fahatongavan'ny mpandraharaha miisa 1000, fa indrindra ireo mpamorona start-up: Izay ilay « Challenge des mille » (fanambin'ny mpandraharaha miisa 1000).

Raha te hisoratra anarana ho isan'ny mpifaninana, dia midira ao amin'ny ny tamba-pitaovana **digital-africa.co** alohan'ny 31 Janoary, ary ny fepetra dia tsotra:

- ho mpandraharaha malagasy, manana anton'asa mifandraika amin'ny Tanàn-dehibe Maharitra.

- Ho mpandraharaha mitondra vahaolana mampiditra fomba vaovao na fomba afaka ovaina, amin'ny vidiny mora sy manana fiantraika mahery vaika mba hahatonga ny tanàna afrikanina sy frantsay ho maharitra kokoa amin'ny lafin'ny tontolo iainana sy ara-tsosialy.

Ny vaomiera mitsara ahitana mpisehatra ara-ekonomika frantsay sy afrikanina no hifantina ireo mpifaninana mendrika ary tsy atao ambanin-javatra ny mason-tsivana mifandray amin'ny kalitaon'ny filatsahany

<u>Ho an'i Madagasikara , ny tanjona dia ny handraisany anjara amin'ny Challenge des 1000</u>

Ary satria eto Madagasikara manan-danja ireo fanambin'ny tanàn-dehibe maharitra ireo (fanadiovana, rano madio fisotro, fitaterana, trano fonenana, angovo, fanatsarana ny tanàna) **noho izany tena ilaina ny fahatongavan'ny orinasa malagasy any Bordeaux.**

Manana ny toerany sahaza azy ao ireo mpisehatra Malagasy. Efa mandeha ny fivoaran'ny fanavaozana. Marobe ny fahaizana misanta-javatra izay mendrika ny hasongadina.

Koa manantena ny tenako fa ho maro be ny mpandraharaha malagasy tanora harisika handray anjara amin'ity Challenge ity.

Hamaranako ny teniko, **manasa anareo aho ho mpitondra hafatra io Fanambin'ny mpandraharaha miisa 1000 io , ka hampahafantatra amin'ireo olona ifaneraseranareo ny fisian'ity hetsika ity , ka hitaona azy ireo hisoratra anarana ao amin'ny tamba-pitaovana digital-africa.co**, ny fe-potoana fisoratana anarana dia ny 31 janoary 2020.

Christophe Bouchard
Masoivohom-pirenen'i Frantsa eto Madagasikara ./.